

**MINISITERAN'NY FAHASALAMANA  
DIVIZIONA AFRIKA ATSIMO – RANOMASIMBE INDIANA  
SABATA FANAMAFISANA MOMBA NY FAHASALAMANA  
11 DESAMBRA 2021**

**VAKITENY MOMBA NY FAHASALAMANA HO AN'NY SEKOLY SABATA  
Mikatsaka ny Lavorary- Fivoriana Filankevitra Momba ny Sakafo sy ny Fomba  
Fisakafoanana, p.16, 20 &21**

Irin'Andriamanitra ny hahatrarantsika ny feniiry ny fahatanterahana izay natao ho azontsika trartrarina amin'ny alalan'ny fanomezan'i Kristy. Miantso antsika Izy mba hanao ny safidintsika eo amin'izay tokony ho izy, hifandray amin'ireo masoivohon'ny lanitra, hampihatra ireo fitsipika izay hamerina amin'ny laoniny ny endrik'Andriamanitra ao amintsika. Ao amin'ny teniny voasoratra sy ao amin'ny bokin'ny zavaboary lehibe no nanambarany ny fitsipiky ny fiainana. Andraikitsika ny manao izay hahazoana fahalalana momba ireo fitsipika ireo, ary amin'ny alalan'ny fankatoavana dia hiaraha-miasa Aminy amin'ny famerenana ny fahasalamana ho an'ny vatana sy ny fanahy.

Tamin'ny fanompoam-pivavahana jiosy fahiny dia notakiana mba tsy hisy kilema ny fanatitra rehetra. Ao amin'ny andinin-teny fototra dia ilazana isika mba hanolotra ny tenantsika ho fanatitra velona, masina, sitrak'Andriamanitra, dia fanompoam-panahy mety hataontsika izany. Asan'Andriamanitra isika. Ny mpanao salamo, rehefa nisaintsaina ny asa mahagaga nataon'Andriamanitra teo amin'ny vatan'olombelona, dia nihika hoe: "Mahatahotra sy mahatalanjona ny nanaovana ahy". Betsaka ny olona nandalim-pianarana momba ny siansa sy zatra ny tsangan-kevity ny fahamarinana, no tsy mahalala ny lalàna mifehy ny vatany. Nomen'Andriamanitra fahaiza-manao sy talenta isika; ary adidintsika amin'ny maha-zanakalahy sy zanakavaviny antsika ny mampiasa azy ireo amin'ny fomba tsara indrindra. Raha manao izay mampahalemy ireo herin'ny saina na ny vatana ireo isika amin'ny alalan'ny fahazaran-dratsy na ny fanaranam-po amin'ny fanirian-dratsy, dia tsy ho afaka hanome voninahitra an'Andriamanitra araka ny tokony ho izy.

Takian'Andriamanitra ny hanaovana ny tenantsika ho fanatitra velona ho Azy, fa tsy fanatitra maty na eo an-dàlam-pahafatesana. Ny fanatitra nataon'ny Hebreo fahiny dia tsy maintsy ho tsy misy tsiny, ka moa ve hahafaly an'Andriamanitra ny hanaiky fanatitra tenan'olombelona feno aretina sy fahsimbana? Milaza amintsika Izy fa tempolin'ny Fanahy Masina ny tenantsika; koa dia takiany amintsika ny hikarakarana io tempoly io , mba ho fonenana sahaza ny Fanahiny. Ny Apostoly Paoly dia manome antsika izao fampitandremana izao: "Ka tsy tompon'ny tenananareo ianao; fa olom-boavidy ianareo koa dia mankalazà an'Andriamanitra amin'ny tenanareo sy ny fanahinareo izay an'Andriamanitra". Koa tokony hitandrina ny tsirairay mba hitahiry ny tenany ao amin'ny toetran'ny fahasalamana tsara indrindra, mba hahazoany manolotra ny fanompoana tsara indrindra ho an'Andriamanitra, sy mba hanatanterahany ny adidy sy andraikiny eo amin'ny ankohonana sy ny fiaraha-monina.

## **TORITENY MOMBA NY SABATA FANAMAFISANA NY FAHASALAMANA MANERAN-TANY HATAO AMIN'NY FANOMPOAM-PIVAVAHANA**

### **Fahasoavana : Ny Fahagagana Feno nosoratan'ny Pasitora Hensley Mooroooven**

Ny Lioka 8:43 dia mampametraka fanontaniana manao hoe: moa ve ilay dokotera misionera malaza ao amin'ny Testamenta Vaovao dia mpanoratra entanin'ny fahaizana mampiasa teny? Io an-dalan-tsoratra fohy io dia mamaritra teny telo tena miavaka momba ny fanasitranana.

#### *Fitsaboana*

Ny andininy faha-43 dia mampahafantatra antsika ny niandohan'ny teny grika hoe “fitsaboana”. Narary nandritra ny 12 taona ilay vehivavy ao amin'ny tantarantsika. Izao izy dia manatona an'i Jesosy mba hositranina, mba hahazo hahazo fitsaboana: ny teny fototra eto dia *therapeuo*. Rehefa tsy mitsahatra mikohaka isika dia mitady fangaro hampsahatra izany kohaka izany. Indraindray aza isika dia mila tsindrona mihitsy! Ilay vehivavy manodidina an'ilay tantara dia nanatona an'i Jesosy, toa mba te hahazo fitsaboana fotsiny, araka ny fahitana azy.

#### *Manambatra Zavatra ho Tonga Iray Manontolo*

Ao amin'ny andininy faha-47 ny fisehoana fanindroany ny teny hoe “fanasitranana” dia avy amin'ny teny grika hoe *iaomai*. Io teny io dia mihoatra noho ny fanasitranana ara-batana (fitsaboana) fotsiny sy ny tombontsoany. Io teny io dia midika hoe “manambatra ny tapatapany na ny potipotiny” na “manao ho vaingana iray” — indraindray, tonga dia feno. Izany dia manondro ny fahamarinana fa ny aretina ara-batana dia misy fiantraikany amin-javatra hafa ankoatra ny tenantsika fotsiny.

Noho ny toetoetrary ara-batana dia tsy maintsy niatrika fanamby ara-tsosialy lehibe ity Maherifontsika ity. Ny tsy fahampiana voalohany eo aminy, ny maha-vehivavy azy, dia mety mbola ho olana amin'izao fotoana izao, izay mahatonga ny vehivavy handray karama telo ampaheftry ny an'ny lehilahy amin'ny asa mitovy. Saingy tamin'ny androny dia nampalahelo be lavitra ny fatiantoka. Ny vehivavy iray, tamin'ny androny, dia nanana zo voafetra na tsy nisy zo mihitsy. Ankoatra izany, ny aretina tahaka ny azy io dia nanamafy ny fahasahiranany.

Ho an'ny vehivavy ankehitriny dia misy ny fahafahana miditra - na ny tsara kokoa noho izany ny fahafahana mandoa - fiantohana ara-pahasalamana tsara. Saingy na dia ireo izay tsy manana fiantohana ara-pahasalamana tsara amin'ny ankabopeny aza dia tsy voahilikilika loatra noho ny zava-nitranga tamin'ity olona tsy voatonona anarana ao amin'ny tantarantsika ity. Tsy misy olona mihaona amin'i Jesosy ka mitoetra tsy misy fiovana.

Ankoatra ny olana ara-tsosialy sy ara-batana teo aminy, dia nisedra olana ara-bola lehibe koa izy tamin'ny farany, rehefa nandany ny fananany rehetra kanefa tsy nihatsara mihitsy ( Marka 5:26 ). Vehivavy marary sy rava tanteraka izy izao. Rehefa tojo zava-tsarotra maro aoka izany ny olona iray, dia te-hantantra toy izao: "Raha mba afaka mandeha miangona aho amin'ny Sabata, mihaino ny pasitorako manao toriteny mampahery, ary mihaona amin'ireo namako mampahery ahy, dia ho afaka hiatrika herinandro hafa mihitsy aho." Indrisy anefa fa ny lalàn'ny Levita dia nanakana azy tsy handeha ho any am-piangonana akory ( Lev. 12:4 )!

Mba hanamafisana izany toe-javatra efa ratsy izany, ny olona sasany, tamin'ny andron'ny Baiboly ary hatramin'izao andro izao, dia mihevitra ny aretina ho toy ny sazy mivantana amin'ny fahotana natao mangingina sy miafina. Noho izany, ireo marary dia azo neverina ho olona voaozon' Andriamanitra. Ankoatra ireo olana ara-tsosialy sy ara-batana ary ara-bola efa atrehin'io vehivavy io, dia tsy maintsy niatrika izany tsy fankasitrhana ara-panahy lehibe izany koa izy. Inona ny zavatra hany mba sisa nitazona azy? Ahoana no hahatonga azy tsy ho potika sy ho rava ?

Nila ilay fanasitranana teo no ho eo tamin'ny fomba mahagaga izay ahitana ny fanambatambarana indray ho vongana manontolo ireo tapatapaka sy potika eo amin'ny tenany manontolo izy. Koa na dia tonga fotsiny mba hahazo fanasitranana aza izy, na fitsaboana, dia nihaona tamin'i Jesosy, Izay naka sy nanangona ireo tapatapaka sy potipotika ary ravarava rehetra teo ka nanasitrana azy indray.

#### *Ny Tsara Indrindra*

Toa nitahiry ny tsara indrindra ho amin'ny farany i Dokotera Lioka. Ny fampiasana fahatelo ny hevitra momba ny fanasitranana dia miankina amin'ny teny grika hoe *sozo*, izay midika hoe **famonjena** (jereo koa ny Lioka 7:50). Nanome azy zavatra tsara lavitra noho ny *therapeuo* na *iaomai* fotsiny i Jesosy. Natolony azy ny famerenana amin'ny laoniny tanteraka! Ny hery handresena, tsy ny fahasahiranana ara-tsosialy, ara-batana ary ara-bola ihany, fa ny fahotana sy ny fahasimbana aterany.

Izany dia mampahatsiahys ahy ny zava-nitranga nandritra ny andian'asa fitoriana ny filazantsara notarihiko tany Afrika Atsimo. Nisy vehivavy telo izay tonga nanatrika nilaza mazava ny heviny tamin'ilay Advantista namany nanasa azy ireo: "Te ho salama ara-batana izahay, ary hanaraka anao fotsiny any amin'ny fivoriana izahay noho ny amin'ny loha-hevitra momba ny fahasalamana." Nisy lahateny momba ny fahasalamana nialoha hatrany ny famelabelarana ara-tSoratra Masina tsirairay, kanefa ireto vehivavy ireto dia nanatrika tamimpahatokiana ny fotoana rehetra ; izany hoe nijanona nihaino ny fitoriana ny Tenin' Andriamanitra ihany ko aizy ireo. Na dia tsy nanolotra ny fiainany ho an'ny Tompo aza izy ireo nandritra io asa fitoriana ny filazantsara io, dia samy natao batisa izy telo vavy, volana vitsivitsy taty aorianana, tamin'ny andian'asa fitoriana filazantsara hafa. Tamin'ny alalan'ny fahalianana tsotra nananan'izy ireo tamin'ny lahateny ara-pahasalamana, dia nanohina ny fony ny herin'ny Tenin'Andriamanitra manova. Raha tonga fotsiny hanao fanazaran-tena ho

fitaizam-pahasalamana izy ireo, dia nifanena tamin'i Jesosy, Izay tsy vitan'ny hoe nanasitrana azy ireo fotsiny ka nanao azy ho vatana iray manontolo vaovao fa namonjy azy koa.

#### *Mihoatra noho ny fitsaboana*

Ato amin'ity tantara ity i Lioka dia mampianatra antsika fa ny olombelona mpitsabo dia afaka manome fikarakarana, fitsaboana ary fanasitranana; indraindray dia afaka manampy ny marariny mihitsy aza izy ireo, na dia tsy lavorary aza, amin'ny fanangonana ireo tapatapaka sy potipotika.

Saingy misy zavatra mihoatra noho ny fahaizana ara-pitsaboana nananan'i Lioka, mihoatra noho ny fahatakaran'ny saintsika maranitra indrindra, mihoatra noho izay tsy takatry ny siansa sy ny fikarohana tsara indrindra, izay vitan'Ilay Dokotera Mahery indrindra: Izy irery no afaka mamerina amin'ny laoniny ny vatana sy ny fanahy ary ny saina ho amin'ny fahatanterahana idealy nokendreny ho azy ireo raha namorona ny olombelona Izy. Izy irery ihany no afaka manavotra antsika tanteraka amin'ny tsy fananana fanantenana.

Ny tantaran'i Lioka koa dia manome antsika modely ny amin'ny fomba tsara indrindra hanehoana ny filazantsara. Tsy ampy ny hanolorantsika fotsiny seminera ho an'ny besinimaro ny amin'ny fomba hialana amin'ny fifohana sigara, na ny fomba fandrahoana sakafo mahavelona amin'ny zava-maniry, nefo tsy mampahafantatra azy ireo an'i Jesosy, izay afaka manasitrana sy mamonjy azy mandrakizay. Tsy niantso antsika Andriamanitra mba hahatonga antsika ho mpanota salama.

Etsy an-danin'izany, tsy tokony hitsara an'ireo izay tonga fotsiny amin'ny fampirantiana arapahasalamana, na "fitsaboana" isika. Tsy maintsy manohy maneho azy ireo an'i Jesosy isika, Izay, amin'ny alalan'ny fanomezana ny zavatra ilainy ara-batana, dia manomana koa ny hanolotra ho azy ireo ny fanomezan'ny famonjena – dia zavatra mihoatra noho ny fitsaboana fotsiny; mihoatra noho ny manangona ny tapatapaka fotsiny.

Ny fanekena ny fanomezany rehetra dia hitondra famerenana amin'ny laoniny sy famonjena tanteraka ho azy ireo. Na amin'ny fomba manao ahoana na manao ahoana, dia tsy misy olona mihaona amin'i Jesosy ka tsy hahita fiovana.

*Ny Pasitora Hensley Mooroooven dia Sekretera Jeneraly Lefitra ao amin'ny Foibe Manerantanin'ny Fianganana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito, Silver Spring, Maryland, Etazonia.*